FOIRE AUX QUESTIONS – SESSION D'INFORMATION

APPEL A PROJETS 2021 – 2022 – FONDATION TANY MEVA

1- Ny fandefasana dossier avy any amin'ny faritra aloha hatreto dia mitovy amin'ny rehetra ihany tonga eto amin'ny biraon'ny Tany Meva ihany no raisinay, izany hoe na alefanareo colis na aterinareo tanana raha misy olona azo ampitondraina satria ny entana aloha hatreto mbola afaka mifamezivezy. Raha misy moa fiovana amin'ny resaka hamehana ara-pahasalamana dia mety hisy fepetra vaovao raisin'ny Tany Meva.

2- Ny TDRs sy "formulaire" dia azo Alaina anaty site web tany meva www.tanymeva.org fa raha toa ka sahirana maka izany ao dia azo hangatahina amin'ny mailaka ao amin'ny appel@tanymeva.org izany.

3- Ireo efa manana tetikasa mbola mandeha tsy misy olana ao amin'ny Tany Meva koa mahazo manolotra tetikasa fa jerena tsara ihany kosa ny fahafahan'ny mpanolotra mampiaraka sy maharaka ny fampandehanana tetikasa roa miaraka.

4- Na tsy feno dimy taona aza ny fikambanana (vaovao) dia afaka manolotra fa jerena kosa anefa ny olona sy tompon'andraikitra hisasa ao anaty fikambanana raha misy manana ny traikefa 5 taona amin'ilay lohahevitra atolotra. Handray 30% n'ireo fiikambanana vao hisondrotra manaraka io voalaza io ny Tany Meva ary 70% fikambanana efa manana traikefa momba ny lohahevitra hatolotra 5 taona farafahakeliny amin'ity fiantsoana ity. Raha 10 no tetikasa ho raisina di any 3 no fikambanana vao niforona mahafeno ireo fepetra voalaza ireo.

5- Noho n'ny hamaroan'ny fikambanana te hanolotra ny tetikasa dia ezahina mba tetikasa iray isaky ny fikambanana ihany no atolotra. Ny tetikasa iray dia afaka mampiditra lohahevitra maromaro ho an'ny faritra iray raha toa ka mety izany sady hamaliana ihany koa ilay mason-tsivana "projet intégré".

6- Hamporisihana isika hanolotra tetikasa vaovao fa tsy ho tetikasa efa mandeha satria sarotra ny fanjohiana sy ny fizaran- draharaha/ sy andraikitra ny amin'izany.

7- Ny "presentation" tamin'ny famelabelarana momba ny fiantsoana ny 22/04/2021 dia hapetaka ao anaty site web ihany koa mb ho afaka azon'ny fikambanana rehatra nanatrika na tsia izany famelabelarana izany.

8- Mba ho fampitambarana/fampivondronana ny ezaka sy ny vokatra tetikasa vatsian'ny Tany Meva mba hisian'ny fiatraikany mivaingana sy azo tsapain-tanana kokoa dia ireo 13 faritra ireo ihany aloha no ho laharam-pahamehana amin'ity fiantsoana ity. Koa hamporisihana isika hanolotra ny tetikasantsika raha afaka miasa amin'ireo faritra ireo na miara-miasa amin'ny fikambanana hafa ao anatin'ireo faritra ireo.

9- Raha ny traikefa teo aloha dia eo amin'ny 1 volana nifaranan'ny fiantsoana dia tokony hahazo fahampahafantarana ireo izay "eligible" hanohy ny dingana manaraka. Marihina fa izay "eligible

ihany no hampahafantarina araka ary avoaka affichage anaty site web sy facebook ary eto amin'ny biraon'ny TAny Meva izany araka ny voalaza anaty bokin'andraikitra.

10- Ny école tsy tafiditra anaty fikambanana mahazo manolotra ny tetikasa fa ny fanarenana sy fanamboarana trano fianarana kosa anefa dia ao anatin'ny lohahevitra azo atolotra.

11- Raha fitaovana hampiasaina hanjohina ny tetikasa fa tsy hampiasana homena ny "communautés" ao anaty tetikasa dia miditra anaty fampandehana-draharaha "fonctinnement" izay tsy mihoatra ny 20%. Na izany aza dia haverina aty amin'ny Fondation daholo ireo matériels roulants na informatiques novidiana tao anatin'ny tetikasa rehafa amin'ny farany hakatona ny tetikasa.

12- Raha fitaovana ilaina takian'ilay tetikasa omen any communautés dia miditra anaty asa "activités 80%" ary fampitaovana no fitsinjarana azy "matériels et équipement": ohatra fiompiana tantely: tohotra, ….

13- Ny fanjohina ny tetikasa dia miditra anaty fampandehanana ny tetikasa "fonctionnement 20%", izay mety hisy ny sarakandro "indemnitee sy ny saran-dalana "déplacement".

14- Ny lohahevitra, famerenana ny ala na ny fambolen-kazo dia anatin'ny lohahevitra tokoa fa ny karazan-kazo na ny « espèce » tsy voafaritra fa arakarakin'ny tetikasa atolotra sy ny tanjon'izany tetikasa izany.

15- Ny salana teti-bidy isaky ny hekitara nomena dia mahakasika ny asa sy ny zavatra ilaina ao antiny rehetra ho an'ny fambolen-kazo sy ny fanarenana ny ala.

16- Ny salana teti-bidin'ny fiofanana sy fampitomboam-pahaiza-manao "formation et renforcement de capacité" dia mitombona ho an'ny tetikasa atolotra, toy izany koa ny resaka fanentanana « sensibilisation ».

17- Ny fenitra momba ny fampahafantarana ny tetikasa na ny « visibilité » dia omena ao aoriana ao arakarakin'ny fivoaran'ny fisafidianana ny tetikasan-tsika.

18- Ny tetikasa atolotsika dia mety daholo rah any Tany Meva no hasaintsika misafidy rehefa manaraka ny fepetra rehetra ao anatin'ny bokoin'andraikitry ny fiantsoana. Koa hamporisihana isika hijery ny bokin'andraikitra mba hanampy antsika hoe iza no tena mahafeno tsara ny fepetra sady mahavaha ny olana tiantsika ho vahana eny an-toerana.

19- Ny sehatra tsy maiakina tokoa dia mahazo manolotra tetikasa fa ezahina kosa anefa ny tetikasantsika mba hikendry kokoa ny tombontsoan'ny « communuatés » fa tsy ny antsika ihany satria ny « communautés » hatrany ny cibles faran'ny tetikasa vatsian'ny Tany Meva vola.

20- Afaka manolotra tetikasa iray manambatra faritra roa fa ezahina mba tsy hiparitaka loatra ka manahirana ny fanjohiana izany sady sao dia kely ny vokatra sy ny fiatraikany azo.

21- Hamporisihana tokoa ny fiarahana manao tetikasa iray hivondronan'ny fikambanana maromaro mba hampisy ny vokatra tsara sy hahabetsaka ny fiatraikan'ny tetikasa.

22- Tsy tokony latsak'in'ny 5 taona ny tetikasa mba hahazoana vokatra tsara sy fiatraikany bebe kokoa. Ny 3 taona voalohany hamitana ny farafahabetsan'ny tetikasa fa ny 2 taona farany hanaovana fanaraha-maso, fijerena sahady ny vokatra ary fanatsarana raha misy ny olana eny antenatenany eny.

23- Ny tetikasa efa natolotra tamin'ireo fiantsoana tamin'ny taona teo aloha dia mbola azoaaverina fa ezahina ny manatsara izany araka ny bokin'andraikitra amin'ity taona 2021 ity sy ny lesoka tsy nahalany izany tetikasa izany teo aloha.

24- Azo atao ny manolotra ny tetikasa amin'ny tana-dehibe fa tsy voatery eny ambanivohitra.

25- Ny récépissé dia takiana ho an'ny fikambanana fa ny mpanolotra hafa manaraka ny bokin'andraikitra dia mila manome ny taratasy aram-panjakana milaza ny fiorenany ara-dalana mitovy lenta amin'izany.

26- Tsy voatery misy fambolen-kazo ny tetikasa atao fa kendrena kosa anefa mba ho « projet intégré » no atolotra ary anaty " paysage » no hanaovana ny tetikasa araka ny voasoratra anaty bokin'andraikitra.

27- Ny tetikasa iray dia manodidina ny 75 000 USD no sandany fa tsy kely tsy be ary ny sandany dollar iray dia 3 770 Ariary. Mety ilay tetikasa "pilote" no vitan'io fa ny fanitarana sy ny fampiarana "duplication" amin'ny toerana hafa mety ho vola hafa mihitsy. Tsy voatery manao izany koa anefa.